NY FAHATANTERAHANA

. . . Ary ny tonga eto mba hiara-manompo aminareo. Ary ankehitriny mialohan'ny Hafatra mihitsy, dia manana ny sakaizako tsara aho eto amin'ny lampihazo izao hariva izao, Dokotera Lee Vayle, avy amin'ny fiangonana Batista Voalohany any Lima, Ohio, izay anankiray amin'ireo mpanohana ahy tany amin'ny fivoriana tao Lima. Nangataka azy aho, ho tonga izao hariva izao, raha hilaza teny iray fotsiny amin'ny fiangonana izy, angamba mikasika an'ilay fivoriana tao Lima, mandritry ny fotoana manaraka na roa. Ary faly aho ny, faly ny hampahafantatra anareo izao hariva izao, Dokotera Lee Vayle, Batista hafa iray izay manana ny Fanahy Masina.

2 [Miteny mandritry ny efatra ambin'ny folo minitra Rahalahy Lee Vayle, mijoro vavolombelona ny amin'ny olona maro izay sitrana.—Mpand.] Amena. Andriamanitra hitahy anao, Rahalahy Vayle, ihany koa.

3 Tena matanjaka mihitsy izany ho an'ny pasitera Batista iray, sa tsy izany? Eny, tena faly isika manana an-dRahalahy Vayle miaraka amintsika. Ary misokatra ho azy tokoa ireo varavarana mba hiverina ka hamangy antsika amin'ny fotoana rehetra izay ahafahany. Ary ankehitriny izao hariva izao . . .

Rahampitso hariva dia ny—*Ny Fandevenana* an'ny Tompo Jesosy.

4 Amin'ny Alahady maraina dia ny fivorian'ny fiposahan'ny masoandro amin'ny enina ora. Ary mino aho fa efa nilaza lavidavitra kokoa ny ampahan'ny fivoriana ilay rahalahy.

Ankehitriny dia ndao isika hivavaka vetivety fotsiny.

5 Tompo Finaritra, Ny Teninao no Fahamarinana, ary mankasitraka izahay ny amin'ny olona izay mikirakira Azy, tsy amin-tahotra, raha manome Azy ho an'ny olona izy ireo. Ary raha manokatra ny Baiboly izahay izao hariva izao, na mamadika ny Pejiny, dia enga anie ho tonga ilay Fanahy Masina finaritra ka hanokatra ny Tenin'ny fahalalana aminay. Amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy, no angatahanay an'izany. Amena.

6 Ity hariva malaza izay ankalazaintsika ity, ny amin'ny fanohomboana ny Tompontsika finaritra, dia maniry aho ny hamaky izao hariva izao avy ao amin'ireo Molony sarobidy Manokana, an'ireo Teny izay Nosoratany tao amin'Ny Bokiny. Ao amin'ny Masindahy Matio, ny toko faha-4, isika . . . ary ny andininy faha-47 sy 48, izao no vakiantsika:

> *Ary raha ny rahalahinareo ihany no arahabai*nareo, *dia inona no atao*nareo *mihoatra nohon'ny hafa? tsy manao toy izany koa ve na dia ny mpamory hetra aza?*

Fa *amin'izany dia aoka ho tanteraka ianareo, tahaka ny Rainareo izay any an-danitra mihitsy aza izay tanteraka.*

7 Ary izao hariva izao dia efa nilaza an'izay horesahantsika isika eo amin'ny lohahevitra hoe *Fahatanterahana*. Ankehitriny isika . . . Toy ny hoe lahateny tena hafahafa ho raisina izany ho an'ny harivan'ny fanohomboana ny Tompontsika. Fa androany, angamba, dia nihaino ny radio ianareo, ary nandre hafatra samihafa sy ireo iraka, ahoana no nanehoan'izy ireo an'io andro lehibe mahatsiravina io rehefa maty ho an'ny fahotan'izao tontolo izao ny Tompontsika. Noho izany dia nisafidy aho, izao hariva izao, ny hihodina amin'ny fomba iray, hahatongavana eo amin'izany, noho izany dia ho hafa kely ilay izy ary mety hampangatsiatsiaka kely anareo. Ary enga anie ilay Fanahy Masina finaritra hanindrimandry ny Teny ankehitriny raha manao ny ezaka hitondrana Azy isika.

8 Mitaky fahatanterahana Andriamanitra. Tiantsika entina ao an-tsaina izany, hoe tsy misy na inona na inona ampahan-dàlana mihitsy ahafahantsika mandeha ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra. Tsy maintsy tanteraka izany, ny fanompoantsika, ny zavatra rehetra.

9 Ankehitriny, tao amin'ny sahan'i Edena, nanana an'i Adama sy Eva Andriamanitra tao amin'ilay saha. Ary nanota izy ireo ka nandika an'ireo lalàn'Andriamanitra, tamin'ny nanotana, tsi-fankatoavana. Ary rehefa tonga ny fandikana, ny tsi-fankatoavana dia fandikana ny lalàna. Ary ny lalàn'Andriamanitra, satria masina Izy, masina tsy nifangaro mihitsy, noho izany dia tsy nisy pentin'ny tsi-fahamasinana mihitsy afaka nijoro teo amin'Ny Fanatrehany. Noho izany, rehefa niditra teto amin'izao tontolo izao tamin'ny alàlan'ny fandikana ny fahotana, tamin'izay fotoana izay dia tsy maintsy nalamina ny amin'ny fahotana alohan'ny ahafahan'ilay mpanota hijoro eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra mihitsy aza.

10 Ankehitriny, raha tsy misy lalàna, amin'izay fotoana izay dia tsy misy fahamarinana. Fa ny lalàna dia nitaky, na, ny fahamarinana dia mitaky lalàna iray. Ary ny lalàna, rehefa izy no—izy no antsoina, dia izy no manolotra ny fahamarinana.

11 Ankehitriny, amin'ny alàlan'ny lalàna, dia tsy misy nofo voavonjy. Ankehitriny, tsy afaka mamonjy antsika ny lalàna. Ny lalàna dia ilay zavatra izay mametraka antsika ao anatin'ny fonja fotsiny, fa tsy manana hery manavotra izy. Ny lalàna dia naneho tamintsika fotsiny ihany fa mpanota isika, ary nanameloka antsika. Izany no tsy maintsy ataon'ny lalàna. Hitondra fanamelohana izy, na haneho aminareo hoe aiza ilay fahadisoanareo. Noho izany ny lalàna, ao amin'ny tenany, dia tsy afaka mamonjy. Afaka manenjika fotsiny ihany izy.

12 Ary Andriamanitra, satria masina sy marina, dia tsy maintsy nanao fanenjehana iray Izy. Tsy maintsy nanenjika an'ilay mpanota Izy satria nihoatra an'ireo fetran'ny fahasoavana izy, ary lasa teratany mpandika-lalàna. Noho izany, dia tsy maintsy nalamina tamin'izany izy.

13 Ary ny lalàna rehetra dia manana sazy iray, fa, ny sazin'ny fandikana ny lalàn'Andriamanitra dia ny fahafatesana. Ary tsy maintsy nanolotra fahafatesana ho an'ny taranak'olombelona izany. Ary ny taranak'olombelona rehetra dia eo ambanin'ny sazin'io lalàna io.

14 Ankehitriny, rehefa nanota i Adama sy Eva, dia tsy nisy fomba, tsy nisy fanefitra hafa izay hany azon'izy ireo nijoroana teo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra indray, raha tsy voalamina ny amin'io fahotana io. Ary tsy misy olona afaka hanao fahotana amin'ny endriny rehetra, tsy mampaninona na kely na goavana toy ny ahoana, tsy maintsy voalamina ny amin'io fahotana isam-batan'olona io alohan'ny ahafahan'izay nanao azy hijoro eo amin'ny Fanatrehan'ilay Andriamanitra Masina mihitsy.

15 Koa, noho izany, rehefa nanota i Adama sy Eva ka nandika ny lalàna, dia teo ambanin'ny fahafatesana izy ireo. Ary tsy maintsy tanterahina ny lalàna, noho izany dia izany no nametraka ny taranak'olombelona rehetra teo ambanin'ny sazin'ny fahafatesana. Ankehitriny raha mba afaka milamina mandritry ny fotoana vitsy fotsiny mantsy isika ankehitriny, ao amin'ny fisainantsika, ka hijery an'io sary lehibe io, ary hahatsiaro fa tafiditra ao anatin'io ny olona rehetra eto. Ny lehilahy sy vehivavy rehetra, ankizy, dia tafiditra ao anatin'ny sazin'ny fahafatesana, tamin'ny alàlan'ny fandikan'ilay lohan'ny taranak'olombelona, Adama; tamin'ny alàlan'ny fandikany, dia lavo voan'ny fahotana ny tsirairay avy amintsika.

16 Ary tsy maintsy voalamina ny amin'ny fahotana. Koa noho izany, Andriamanitra, ao amin'ny Tsi-manam-petrany lehibe sy ny Fitiavany lehibe. . . Ny lalàna dia tsy maintsy nanasaraka an'ilay mpanota tamin'ny Mpanao azy; avy eo dia lasa ringana izy, ary ringana tanteraka, tsy nisy fomba intsony mba hany hiverenany raha tsy efa voalamina ny amin'io fahotana io. Ary tena mora tamin'izany fotoana izany ny nino fandringanana manontolo iray an'ny mpanota anankiray tamin'ny farany, satria izy dia nisaraka tanteraka, mandrakizay tamin'ny Fanatrehan'Andriamanitra.

17 Ankehitriny dia mariho io fahotana io. Ary ahoana fa Andriamanitra, satria marina, dia tsy afaka hanao na inona na inona hafa afa-tsy ny ho marina fotsiny Izy, satria Izy no loharanon'ny fahamarinana rehetra, noho izany dia tsy nisy na inona na inona hafa Hataony afa-tsy ny mametraka an'ilay sazy

ho an'io fandikana io. Ary ilay sazy dia fahafatesana, satria hoy Izy hoe, "Amin'ny andro hihinananao an'izany, dia azo antoka fa ho faty ianao amin'izany andro izany." Ankehitriny, sary maizina iray no ananantsika eto.

18 Fa avy eo raha miverina lavidavitra kely isika, ka mahita an'ireo tena toetran'Andriamanitra, dia miteny amintsika mazava ny Baiboly fa "Andriamanitra dia fitiavana." Kanefa, satria fitiavana, dia tsy maintsy marina Izy. Noho izany, ny fitiavana dia tsy midika zavatra anankiray fotsiny izay azo safosafoina na ilalaovana. Ny fitiavana dia ny fahamarinan'Andriamanitra.

19 Ankehitriny, rehefa hitan'Andriamanitra fa nandika ny Lalàny ireo Zanany, ka tsy maintsy maty amin'ny fahafatesana izy ireo, tamin'izay fotoana izay dia niditra ilay fitiavana masi-mandidy mba hanao làlana iray. Satria, hitan'Andriamanitra fa ireto zanaka ireto dia tsy maintsy ho tena ringana tanteraka, manontolo hiala eo amin'Ny Fanatrehany. Tsy nisy na inona na inona hafa natao, satria nandika ny Lalàny izy ireo, ka ny sazin'ny Lalàny dia fahafatesana.

20 Ary tamin'izay fotoana izay dia nivoaka ho an'ireo Olony ny fitiavan'Andriamanitra. Ary rehefa atondraka ny fitiavan'Andriamanitra, dia ny fahasoavana masi-mandidy no mamokatra an'ilay zavatry ny fitiavana. Ary Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ny fahalalana mialoha, rehefa nitia tsara tokoa ny Taranany Izy; kanefa, niaraka tamin'ilay sazy, dia nanao mpisolo fahafatesana Izy hiseho tao amin'ny sahan'i Edena. Izany dia, nanao zava-boahary tsy manan-tsiny ho mpisolo iray Izy, zanak'ondry kely iray izay tsy nahalala fahotana, ary izany no natao ho mpisolo iray, mba hiasa sy ho faty raha tokony ho ilay mpanota meloka. Ary zanak'ondry iray izany, voavono, mba hitahiry ny ain'ireo Olony.

21 Manerana ny Testamenta Taloha rehetra dia nanolotra an'ilay ràn-janak'ondry sy osilahy, ondrivavy, ombilahy sy vatotr'ombivavy mena izy ireo, ho mpisolo fahafatesana iray. Saingy, tao amin'ilay fananan'Andriamanitra lehibe rehetra, dia efa tao an-tSainy tao ny fihavian'ilay tena Zavatra, izay hisy. Ireo dia alok'ilay tena Zavatra izay ho avy. Ary ilay tena Zavatra izay ho avy, dia Ny Zanany lahitokana. Ireo zanak'ondry rehetra izay maty dia aloka iray fotsiny ihany. Ary ny aloka iray dia ilay lafiny negatifa fotsiny ihany an'ny zavatra iray. Ary miresaka ny amin'ny fihavian'i Kalvary fotsiny ihany izy ireo.

22 Ankehitriny ho an'ny sary iray an'io, dia ndao isika hamadika ao amin'ny Baibolintsika, ao amin'ny Bokin'ny Hebreo, ka haka eto an'izay resahan'i Paoly, ilay apostoly lehibe, miezaka ny hanasaraka an'ireo zavatra ireo ho antsika. Ao amin'ny toko faha-10-n'ny Bokin'ny Hebreo, izao no vakiantsika.

23 Ary tiako fotsiny ny Teny! Ny Teny no Fahamarinana. Ary tiako ny mamaky Azy eo anatrehan'ny fiangonako, satria fantatro fa hitsangana miaraka amin'izy ireo aho ao amin'ny fitsarana. Ary tsy maintsy manolotra tatitra iray aho. Noho izany raha mitondra Azy avy amin'ny Teny aho, amin'izay fotoana izay dia tsy ho meloka aho; satria Izany no Teny, ary tompon'andraikitra amin'Ny Teniny Andriamanitra.

24 Mahita betsaka mihitsy isika amin'izao andro izao, an'ireo evanjelista sy ny sisa, mipetraka manodidina an'ireo olo-malaza. Oh, zavatra manala baraka iray izany! Ary mahita isika, eo am-pidirana ao am-piangonana, miditra ao amin'ny fiangonana isika ka mahita pasitera hafa iray, manana fihetsika hafahafa kely iray mikasika azy izy, fientanam-po kely iray. Raha tsy mahamarika ianareo, dia handray an'io fanahy io ilay fiangonana manontolo. Raha ara-pientanam-po kely fotsiny izy, na manetsika ny lohany, na zavatra hafahafa kely iray, eny, dia hanao tahaka an'izany ilay fiangonana manontolo. Ary isika dia tonga, amin'izao andro izao, ao amin'ireo fiangonantsika moderina, eo amin'izay misy an'ireo fahatsapana sy ireo zavatra kely tahaka an'izany. Ary lasa karazana fifanjevoana iray ilay izy! Saingy, oh, ry rahalahy malalako, raha mba nisy fotoana iray izay tokony haha-eo amin'ny Teny antsika, dia androany izany!

25 Hitanareo, halako ny hitsangana eo amin'ny fitsarana ka hahafantatra fa nanana zavatra kely iray noforonina avy amin'ny fanambarana hafa kely iray aho, ary diso fitarika ny olona. Tsy tiako hahazo ny fanahiko na ny fihetsiko izy ireny, fa tiako hahazo ny Fanahin'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra, izay mamokatra Fahamarinana.

26 Noho izany eo amin'ity fanararaotra lehibe ity izao hariva izao, dia tiako ny hamaky avy amin'ny Tenin'Andriamanitra Mandrakizay. Mahalala isika ankehitriny fa nisy nandritry ny taona maro ny lalàna, saingy tsy afaka nanaisotra ny fahotana mihitsy ny lalàna. Araka ny nolazaiko tamin'ny lasa, dia trano fonja iray fotsiny izany. Izany ilay mpitsikilo lehibe izay niteny taminareo an'izay nataonareo, saingy tsy nanana fanefitra hanafaka anareo. Mametraka anareo ao amin'ilay trano fametrahana antoka izany, saingy tsy nisy Mpanavotra hamoaka anareo, miaraka amin'izany. Manao anareo ao an-tranomaizina fotsiny ihany izany, hamela anareo hahafantatra fa mpanota iray ianareo. Fa mariho ankehitriny ao amin'ny Hebreo, ny toko faha-10, raha mamaky isika.

Fa ny lalàna izay misy alok'ireo zavatra tsara ho avy, fa tsy ilay tena endrika . . .

27 Tsarovy, aloky ny endrika iray ho avy izany. Ny aloka iray dia mampahafantatra fotsiny ihany fa misy endrika iray manao an'ilay aloka. "Alok'ireo zavatra ho avy, fa tsy ilay tena endrika." Mariho, "an'ireo zavatra . . . "

. . . ilay tena endrik'ireo zavatra, dia tsy afaka mihitsy miaraka amin'ireo fanatitra izay efa *natolotra . . . mandrakariva hanao an'ilay* mpanatona ho *tanteraka.*

28 Ankehitriny, Andriamanitra, tany am-piandohana, dia nitaky fahatanterahana. Jesosy, rehefa tonga teto an-tany Izy, dia nanao hoe, "Aoka ho tanteraka ianareo, tahaka an'Andriamanitra any An-danitra izay tanteraka." Ary ny lalàna, izay nisy alok'ireo zavatra ho avy, dia tsy afaka mihitsy nanao an'ilay mpivavaka ho tanteraka. Azonareo ve ilay sary? Ankehitriny dia ndao isika haka an'izany indray mba hanananareo antoka fa tsy diso an'izany ianareo. Mitaky fahamasinana tanteraka Andriamanitra. Tsy misy olona afaka hijoro ao amin'ny Endriny, miaraka amin'ny pentim-pahotana anankiray. Nanambara an'ilay zavatra iray ihany Jesosy, ka nanao hoe, "Aoka ho tanteraka, tahaka an'Andriamanitra any An-danitra mihitsy izay tanteraka."

29 Ary nilaza ny Baiboly fa, "Ny lalàna dia tsy afaka mihitsy, miaraka amin'ireo fanatiny, hanao an'ilay mpanatona ho tanteraka." Noho izany, dia tsy afaka nanao zavatra iray ho tanteraka ny lalàna. Mpanondro iray fotsiny ihany izy. Ireo fanatitra ireo, natao isan-taona, dia tsy afaka nanao an'ilay mpivavaka mihitsy ho tanteraka. Koa noho izany, tsy nisy olona teo ambanin'ny lalàna, na nitandrina ny lalàna, na teo ambanin'ireo aloka, nety ho tanteraka.

Fa (andininy faha-2) *raha izany dia tsy ho nitsahatra ve ny* efa *nanateran'izy ireo? . . .*

30 Raha misy zavatra iray izay azoko atao hanao ny tenako ho tanteraka ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, amin'izay fotoana izay dia tsy nila ho faty ho ahy Kristy. Raha misy zavatra anankiray izay azonareo atao, izay mendrika zavatra iray amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, amin'izay fotoana izay dia maty foana Kristy. Tsy fitandremana lalàna, tsy hevitra ara-dalàna avy amin'ny anareo, tsy misy avy amin'ny fahamasinanareo manokana, tsy misy zavatra izay azonareo ajanona tsy hatao, hijanona tsy handainga, hijanona tsy hangalatra, hijanona tsy hifoka paraky, hijanona tsy handeha any amin'ny fampisehoana sinema, mbola very foana ianareo. Tsy misy na inona na inona afaka hanao an'izany! Mikambana amin'ny fiangonana, fombam-pivavahana, fotoam-pivavahana, batisa, lamin'ny fiangonana, famakiana fanekem-pinoana, manao vavaka tsianjery, tsy midika na inona na inona ireo zavatra ireo. Very ianareo! Tsy misy zavatra anankiray izay azonareo atao amin'ny tenanareo, satria mpanota iray eo ambanin'ny fanamelohana ianareo. Ary tsy misy làlana ao anatin'ny tenanareo, na fanekem-pinoana iray, na zavatra iray izay azonareo hatao na eritreretina, avy amin'ny tenanareo, izay afaka ho mendrika zavatra anankiray ao amin'ny

Fanatrehan'Andriamanitra, satria mpanota iray ianareo eo ampanombohana.

31 Ary ny Baiboly no manambara, fa isika rehetra dia teraka tamin'ny fahotana, notorotoronina tamin'ny heloka, tonga teto amin'izao tontolo izao niteny lainga. Ary Andriamanitra tsy afaka haka olona anankiray ho faty ho an'ilay hafa, satria ny anankiray dia meloka mihitsy tahaka an'ilay hafa. Ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, ny arseveka iray eo amin'ity izao tontolo izao ity dia meloka tahaka an'ilay mpandeha any amin'ny bara ratsy indrindra eto amin'ny tanàna. Tsy afaka manao fanaovam-panavotana ho an'ilay hafa ny anankiray.

32 Noho izany, dia naka aim-biby tsy manan-tsiny iray Izy, zanak'ondry kely iray. Ary teo ambanin'ny Testamenta Taloha, ny lalàna dia, rehefa nanota ny olona iray, dia nitondra an'ilay zanak'ondry teo amin'ny alitara izy. Atao hoe raha nandika ny iray tamin'ireo didy izy, dia nentiny ilay zanak'ondry ka napetrany teo ambonin'ny alitara izany, nametraka ny tànany teo ambonin'ilay zanak'ondry izy ka niaiky ny fahotany, hoe diso izy ary nahafantatra fa meloka izy. Amin'ny . . . ary dia . . . Nitaky fahafatesana ilay lalàna. Dia nentiny ilay zanak'ondry ho solony. Ary izy rehefa . . . Notapahina ny tendan'ilay biby kely, ary manomboka manipaka an'ireo tongony kely izy, ary mibarareoka. Raha efa mba nahita zanak'ondry iray novonoina ianareo, antsoantso iray mampalahelo toy ny inona! Miezaka mibarareoka ilay biby mahantra kely, ary tapaka ny làlandrà kelin'ny tendany. Ary rehefa manipaka sy mangovitra izy, ka rehefa miarina izy, avy eo dia mangovitra sy mibarareoka indray. Dia mifantsitsitra ny rà, mampandro ny volo keliny sy ireo tànan'ilay mpivavaka izy.

33 Ary rehefa mahalala ilay mpivavaka, nohon'ny nijangajangany, nohon'ny nandaingany, nangalarany, na inona na inona helony, na dia fisainan-dratsy aza, na inona na inona ilay izy ao amin'ilay aloka kely indrindra, dia meloka izy, satria izany no natiorany. Olo-meloka iray izy, angamba tsy nohon'ny faniriana, fa nohon'ny natiora dia meloka izy. Ary tsy maintsy manaiky izy fa maty teo amin'ny toerany io zanak'ondry kely tsy manan-tsiny io. Ary mahatsapa malahelo izy nohon'ny amin'ilay zavatra kely.

34 Fa ilay olona, vantany vao maty ilay zanak'ondry amin'ny farany, niaraka tamin'ny ràn'ilay zanak'ondry teo an-tànany, dia nandeha niala amin'ilay tranobe izy niaraka tamin'ilay faniriana iray ihany tao am-pony, izay nananany tamin'ny voalohany. Nahoana? Satria ilay aina izay tao amin'ilay zanak'ondry kely . . . Mipetraka ao amin'ny rà ny aina. Ny ainareo dia ao anatin'ny ràna reo. Fantatsika izany. Ary ilay aina ao amin'ny ràn'ilay zanak'ondry dia aim-biby, noho izany rehefa tapaka ireo zava-madinika keliny ka nivoaka tao amin'ilay biby

ny aina, dia tsy afaka miverina ao amin'ilay mpivavaka izany, satria olombelona iray ilay mpivavaka.

35 Nanao fanaronana iray ilay rà, saingy tsy afaka manao fanavotana tanteraka mihitsy izy; satria niala tao amin'ny tranobe ilay olona, niaraka tamin'ilay fanirina hanota iray ihany, izay nananany tany amin'ny voalohany. Fa, eo ampanaovana an'izany, dia manantena fotoana iray izy izay hahatongavan'ny Zanak'ondry tanteraka iray. Ary manao an'izany eo ambonin'ny fanatitra dorana izy, satria izay ihany no fomba tokana izay fantany mikasika an'izany.

36 Noho izany, hitanareo, rehefa niraraka ny rà, ka lasa niala tamin'ilay biby ny aina, dia tsy afaka niverina teo amin'ilay olona izany; satria, ny anankiray dia biby, ny anankiray dia olona; biby tsy manan-tsiny iray, ho an'ny olona iray meloka.

37 Fa, oh, indray andro, roa arivo taona lasa izay, dia teraka tao anatin'ny fihinanam-bilona kely iray tao Betlehema ny Zanak'ondrin'Andriamanitra, ary notarihina tahaka ny ondry iray ho any amin'ny mpamono azy. Sivinjato sy arivo taona lasa izay, tamin'io tolakandro io, tamin'ny telo ora no maty Izy. Ary ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra tsy misy pentina, tsy misy tsiny dia nihantona teo amin'ny hazo fijalian'i Kalvary ka maty ho an'ny mpanota rehetra. Ankehitriny rehefa manatona an'io Zanak'ondry io ny mpivavaka, dia amin'ny finoana! Ary karazana Zanak'ondry hafa iray io. Tsy Zanak'ondry tahaka an'ilay hafa Izany.

38 Tsy misy olona afaka manatona an'io Zanak'ondry io, raha tsy Andriamanitra aloha no mitarika azy. Hitanareo ve ilay fahamasi-mandidin'Andriamanitra? Oh, manantena aho fa milentika lalina izany ankehitriny. Jereo. Fantatr'Andriamanitra fa nanana ondry Izy teto amin'ity izao tontolo izao ity. Fantany fa hanana vahoaka ho vonjena Izy, dia niondrika ny Fitiavany ka nahita an'ireo izay ho voavonjy; noho izany, tamin'ny alàlan'ny fahalalana mialoha, Izy no nifidy mialoha Fiangonana iray hihaona Aminy any, tsy misy pentina na fikentronana. Ary raha nitaky Fiangonana iray tsy misy pentina na fikentronana Andriamanitra, dia tsy maintsy nanana zavatra iray Izy hanaovana azy tahaka an'izany. Tsy afaka nitaky an'izany Izy, ny Fahamarinany, ireo Fitsarany dia tsy afaka namela Azy hangataka zavatra iray tahaka an'izany raha tsy nisy fomba iray hanaovana an'ilay izy.

39 Ary tsy afaka manao an'izany amin'ny tenany ny olona. Tsy fahombiazana iray tanteraka izy. Andriamanitra no namela azy hahita an'izany tamin'ny alàlan'ny lalàna, tamin'ny alàlan'ireo mpitsara, ary tamin'ny alàlan'ny Testamenta Taloha rehetra. Nandefa an'ireo mpaminany Izy, nandefa olo-marina Izy, nefa hitan'izy ireo fa tsy nahomby ny tsirairay avy.

40 Noho izany, Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ny Fahasoavany masi-mandidy, dia nandefa, avy tamin'ireo vavahadin'ny Voninahitra, Ny Zanany lahitokana, mba haka ny toerantsika.

41 Tsarovy, raha nilaza tamin'ny papan'i Roma haka an'izany Izy, dia tsy afaka nanao an'izany izy. Raha nilaza tamin'ny arsevekan'i Canterbury hanao an'izany Izy, dia tsy afaka nanao an'izany izy. Raha niantso an'ilay revera ray masina indrindra Izy na evekan'izao tontolo izao, dia tsy afaka nanao an'izany izy. Ho nolavina lavitra mihitsy tahaka an'i Jodasy Iskariota izy. Tsy afaka nanao an'izany izy, satria izy dia "teraka tamin'ny fahotana, notorotoronina tamin'ny heloka, tonga teto amin'izao tontolo izao niteny lainga," ary nila fanaovam-panavotana ho an'ny tenany.

42 Haleloia! Fa indro tonga ny Anankiray avy tamin'ireo vavahadin'ny Voninahitra; tsy nisy hafa, tsy olona iray, tsy olona tsara iray, sady tsy Jiosy iray na Jentilisa iray koa. Tsy nisy afa-tsy Andriamanitra Tsitoha Izy, niafina tao anatin'ny nofon'olombelona. Tonga Izy, Izy tenany, mba hanolotra Ny Ràny Manokana, satria tsy tonga avy tamin'ny alàlan'ny fananahana Izany. Tsy nisy nidiran'ny fananahana izany. Fa nanaloka virijiny iray Izy, ary niteraka avy tamin'ny selan-dRà iray izay Noforoniny, Izy tenany, an'ilay Anankiray tsy manan-tsiny.

43 Noho izany ny famonjeko, ny anareo, izao hariva izao, dia tsy miankina amin'ireo fahamendrehana avy amin'ireo fihetsintsika manokana. Niankina tamin'ny fahasoavana pozitifa masi-mandidin'Andriamanitra Tsitoha izany Izay nifidy antsika tao Aminy. Izany tokoa. Tsy mety ho tanteraka mihitsy aho, na ianareo koa dia tsy mety ho tanteraka mihitsy. Ary isika tsy mihambo ny ho tanteraka. Fa manana an'io fiononana anankiray io isika, hoe, ny finoantsika dia mipetraka ao amin'ny Fanatitra iray izay efa noraisina!

44 Noho izany dia ahoana no ahafantarantsika fa manana an'Izany isika? Rehefa mametraka ny tànany ilay mpivavaka, amin'ny finoana, eo ambonin'ny vatan'ny Tompo Jesosy, ka mahatsapa an'ilay fampitahoran'ny fahotana, sy ny piti-drora eo amin'ny tavany, mahatsapa an'ireo tolokon'i Getsemane, ireo fangirifirian'i Kalvary, ary mahafantatra fa meloka izy, ka miaiky ny fahotany marina hoe, "O Tompo Finaritra, meloka aho. Ary tsy manana fomba hafa mba hanampy ahy afa-tsy Ianao aho. Ary amin'ny finoana . . . Manasa ahy Ianao, ny Fanahy Masina, no tonga ka manasa ahy. Ary ankehitriny aho, amin'ny finoana, dia manaiky an'i Jesosy ho Mpamonjiko manokana." Io Aina izay avy Aminy teo Kalvary io, antsoina hoe Fanahy Masina, izay niafina tao amin'ny selan-dRàn'ny Tompo Jesosy, dia miverina mankany amin'ilay mpivavaka ka manao batisa azy amin'ny Fanahy Masina, ao amin'ny Vatan'i Kristy.

45 Ary efa voatsara Izy. Tsy mila manahy ny amin'ny fitsarana ianareo. Raha mitodika aho ka mijery an'io hazo fijaliana kely io, dia fantatro fa, fa maneho ny Vatany izany. Ary ankehitriny dia efa voatsara io vatana io. Tsy afaka hitsara marina azy indray Andriamanitra, satria efa voatsara izy. Efa nalatsak'Andriamanitra eo amin'io vatana io ireo fitsaram-pahafatesana. Ary raha mbola afaka mahita fomba iray hiafenana ao anatin'io vatana io foana aho! Nalatsaka ho ahy sy ho anareo ny Fitsarany. Afaka isika! Romana 8:1, nanao hoe, "Tsy misy fanamelohana ankehitriny ho an'ireo izay ao amin'i Kristy Jesosy, izay tsy mandeha araka ny nofo, fa araka ny Fanahy." Eo ianareo izao, tsy misy fanamelohana! Tsy ahoako izay ho tonga na izay handeha, voaafina ao ambanin'ilay Rà ianareo.

46 Izao indray, ahoana no idirantsika ao amin'io Vatana io? Korintiana Voalohany 12:13, no milaza fa, "Tamin'ny Fanahy iray!" Ahoana no ahatongavan'ny Fanahy? Amin'ny alàlan'ilay Fanatitra. Aiza no nipetraka ny Fanahy? Ao anatin'ny Rà. Ahoana no tsy nahafahan'ilay biby niverina? Biby iray izy. Tsy afaka tonga teo amin'ny fanahin'olombelona ny fanahim-biby ka hanao zavatra iray amin'izany, satria ny fanahin'olombelona dia laharan'aina avo kokoa nohon'ny biby. Fa tsy misy fanahin'olona hafa afaka niverina. Raha manana ny fanahin-drazana iray ianareo, dia momba ny fanahy izany. Fa Andriamanitra Izy tenany no tonga, mba ahafahan'Ny Fanahiny Manokana, izay laharam-panahy avo indrindra izay misy, hiverina amin'ny alàlan'ny endrika batisan'ny Fanahy Masina, eo amin'ilay mpivavaka, amin'ny alàlan'ny Ràn'i Kristy, ka mampiditra azy ao amin'ilay Vatana. Voaaro izy!

47 Diniho. Tsy nety ilay ràn'ombilahy sy osilahy, hita fa nalemy izany. Ankehitriny dia ndao isika hanomboka hamaky, eo amin'ny andininy faha-12. Eny àry. Tsy nety ilay ràn'ombilahy sy osilahy, tsy afaka nanao fanaovam-panavotana ihany koa. Diniho.

> *Fa ity lehilahy ity kosa,* (Lehilahy inona? Ilay eveka? Tsia. Ilay papa? Tsia.) . . .
>
> *Fa ity lehilahy ity kosa, rehefa izy . . . nanolotra fanatitra anankiray ho an'ny* fahotana *mandrakizay, dia nipetraka* teo *an-tànana ankavanan'Andriamanitra;*
>
> *Hatramin'izao dia miandry mandra-panaony ny fahavalony ho fitoeran-tongony.*

48 Vonona ve ianareo? Vonona ho an'ny Teny ve ianareo? Henoy Ity, noho izany dia tiako ianareo hamela an'Izany hilentika. Henoy tsara.

> *Fa tamin'ny fanatitra iray ihany* (tsy isan-taona, tsy isaky ny fifohazana, tsy isaky ny fivoriana, tsy isan'andro) . . .

Fa *tamin'ny fanatitra iray ihany no* efa n-a-h-a-t-a-n-t-e-r-a-h-a-n-y (anaovan'izy ireo ve? Efa Nataony!) . . .

. . . *tamin'ny fanatitra iray ihany no* efa *nahatanterahany* (izany no fitakian'Andriamanitra) *ho mandrakizay an'ireo izay nohamasinina.*

49 Eo ianareo izao. Izany no valiny tamin'ny fahafatesan'i Kristy. Izany no valiny tamin'i Kalvary. Izy tanteraka tokoa, niaraka tamin'Ny Ràny Manokana, dia nividy ny fahotantsika, ary nahatanteraka mandrakizay, an'ireo Mpinony. Noho izany, ao amin'i Kristy isika dia mitsangana tsy misy tsiny, tanteraka ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra Tsitoha. Vahoaka miaina eo ambanin'ny tombontsoa isika, miaraka amin'ireo foto-pampianarantsika manokana; isika rehetra dia efa nampianarina fa tsy maintsy tonga eo amin'ny toerana iray isika, tsy maintsy manao zavatra iray isika. Tsia, ry rahalahiko, tsy misy na inona na inona nataonareo izany; ilay izy dia izay nataon'Andriamanitra ho anareo! Isika ankehitriny dia, raha nohamarinina tamin'ny finoana isika, dia tanteraka mandrakizay ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra.

50 Noho izany dia hoy Jesosy hoe, "Aoka ho tanteraka ianareo noho izany." Noho izany, dia efa tanteraka mandrakizay ilay izy. Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ny fahafatesan'i Kristy, sivinjato sy arivo taona lasa izay, androany, no nahatanteraka an'ilay mpino, izay efa Hitany mialoha talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, mandrakizay. Ary ireo izay Nantsoiny, no Nohamarininy. "Ireo izay Fantany mialoha, no Nantsoiny; ireo izay Nantsoiny, no Nohamarininy; ireo izay Nohamarininy, no efa Nomeny voninahitra." Izy no nahatanteraka an'ireo Mpinony!

51 Diniho ankehitriny, ndao isika hiverina amin'ny andininy faha-1.

. . . *ny lalàna izay misy alok'ireo zavatra tsara ho avy, fa tsy ilay tena endrik'*ireo *zavatra, dia tsy afaka mihitsy miaraka amin'ireo fanatitra izay* efa *natolotra mandrakariva isan-taona hanao an'ilay* mpanatona ho *tanteraka.*

52 Diniho "tanteraka," izany no resahantsika.

*Fa raha izany dia tsy ho nitsahatra ve ny efa nanateran'*izy ireo*? satria ilay* mpivavaka *rehefa nodiovina indray mandeha dia* tsy nanana *intsony ny fieritreretana ny amin'ny* fahotana.

53 Inona no tianao ho lazaina? Ny teny hoe *fieritreretana* eo, ary ny marina, ny fandikana, dia "faniriana." Ary raha tonga ny olona iray, ilay mpivavaka, marina mihitsy, eo anatrehan'i Kristy, mahita ny Fijaliany, ka manolotra ny tenany ho an'i Kristy izy, ary manao hoe, "O Tompo Andriamanitra, tsy misy na inona na inona ato amiko izay afaka manao fanaovam-

panavotana, fa miankina Aminao manontolo aho," amin'izay fotoana izay dia miditra ao amin'ny fon'olombelona io Fanahy Masina io, dia voalamina mandrakizay ilay tena fanontaniana ny amin'ny fahotana, satria efa nesorina taminareo ny fanirian'ny ota rehetra. Satria raha afaka nanao an'izany ny lalàna, dia tsy ho nitsahatra ireo fanatitra ireo; saingy satria tsy afaka nanao an'izany izy, dia tsy maintsy maty Kristy, mba hanao antsika ho tanteraka.

54 Ry sakaiza, betsaka ny zavatra izay azontsika lazaina izao hariva izao, mikasika ny fahatanterahana. Miezaka foana isika hanongotra an'ireo mason'olon-kafa, mba hanao ny tenantsika ho masina kely kokoa noho izy ireo—izy ireo. Saingy raha nijery fotsiny an'ilay sary isika, dia ny fahasoavan'Andriamanitra irery ihany no maha-toy izao antsika.

55 Teto vao tsy ela akory izay, tany Ohio, nianatra lesona iray tamin'ny fomba sarotra aho. Nanana fivoriana iray aho tany Ohio, ary nijanona tany ambanivohitra aho. Noho ireo habetsahan'olona, dia tsy afaka nijanona tao an-tanàna aho.

56 Nihinana tao amin'ny trano fisakafoana Dunkard kely iray izahay. Ary mpandroso sakafo kely tena maha-te-ho tia, sy niakanjo maotina, ary madio arak'izay naha-izy azy ireo, tena ramatoa, no nampisakafo anay. Toeran-danitra kely iray, ny misakafo ao amin'ny toerana tahaka an'izany. Tsy nisy ho kianina ny lakozian'izy ireo. Fa nikatona izy ireo ny Alahady ary nandeha nankany amin'ny fiangonany. Noana kely aho, hitory teny aho ny Alahady tolakandro.

57 Ary nandeha teo amin'ny tsotra kely iray aho. . . trano fisakafoana kely Amerikana iray mahazatra fotsiny, mba hahazo zavatra ho hanina. Ary rehefa niditra teo amin'ilay varavarana aho, dia inona no reko afa-tsy milina filalaovam-bola iray mandeha! Dia nitsangana teo ny lehilahy iray mitovy taona amiko, izay lehilahy iray manambady angamba, niaraka tamin'ny sandriny nanodidina teo amin'ny vehivavy iray, nilalao milina filalaovam-bola iray. Ny lalànantsika mihitsy, ilay fiarovana ny fahamarinantsika, an'ireo fananantsika, no nitsangana teo nandika ny zavatra izay natao harovany. Satria, tsy ara-dalàna ny miloka ao Ohio, milalao milina filalaovam-bola iray.

58 Dia nitodika aho ka nijery nankany amin'ny faran'ilay tranobe, nisy andian-jazalahy adolantsento iray teo, ary kapila rock-and-roll ratsy iray no teo ambonin'ilay milina, nandeha. Ramatoa tanora iray teo amin'ny valo ambin'ny folo taona teo, tena teo ambanin'ny toe-batany tsara mihitsy amin'ny maha-vehivavy iray. Fa nitsangana teo izy niaraka tamin'ny akanjony fohy nihantona teo anoloana, ary ny iray tamin'ireo zazalahy niaraka tamin'ny tànany teo amin'ilay zazavavy, teo amin'ny toerana tsy tokony hisy azy ireo. Ary nifoka sy nisotro izy ireo.

Dia nieritreritra aho hoe, "O Andriamanitra, ahoana no Ahatantesanao an'izany?"

59 Dia nijery tany amin'ny ankavanako aho, rehefa nandre olona iray nanao fitarainana goavana iray. Ary nipetraka teo ny vehivavy azon-taona iray, enimpolo taona angamba, na fitopolo taona. Nanao an'ireny akanjo kely ratsy mahatsiravina ireny izy, saiky eo amin'ny antsasaky ny lohaliny mihitsy, ary ilay nofony antitra mampalahelo mikentrona dia tena niroraka arak'izay naha-izy azy. Ary nanao an'io lokomena eo amin'ny molotra io izy teto, ary zavatra volomparasy goavana teo amin'ny tarehiny, niloko tarehy; nanao kiraro kely iray, kapa, niaraka tamin'ny hohon-tongotra volomparasy, niloko; hohon-tànana volomparasy, niloko. Ary ny volony dia tapaka tena fohy, sy niolankolana, ary nitentintentina manga. Dia nijery azy aho.

60 Ary teo ampitan'ilay latabatra dia nisy lehilahy roa nipetraka, mamo. Ny iray tamin'izy ireo (fahavaratra tamin'izay) dia nanao pardesy tranainy goavana an'ny tafika, niaraka tamin'ny saron-doha volondavenona iray nirakotra nanodidina ny tendany, ary ireo volombava nanerana ny tarehiny, nandrezatra sy nanohy. Ary niala tsiny ny tenany izy ireo, niala tsiny ilay lehilahy, taminy, ka nanomboka nivoaka tahaka an'*izao,* nankany amin'ny trano fivoahana.

61 Nitsangana teo aho. Dia hoy aho hoe, "Andriamanitra, nahoana Ianao no tsy mandrava an'ilay zavatra manontolo? Nahoana Ianao no tsy mandentika azy fotsiny any ambanin'ny tany?" Hoy aho hoe, "'Tsy maintsy ho eo ambanin'ny karazan-javatra tahaka an'izao ve no hitomboan'i Sarah sy Rebekah keliko?" Hoy aho hoe, "Ahoana no Ahafahanao, Andriamanitra, ao amin'ny Fahamasinanao lehibe, mba hahatanty hijery ny karazan-javatra tahaka an'izao, ary tsy mandefa horohorontany iray ka handentika azy?"

62 Ary raha nitsangana teo aho, nanameloka an'ilay vehivavy, raha teo aho, dia nihemotra taorian'ilay varavarana aho. Tsapako ny Fanahin'Andriamanitra tonga tamiko, dia nankao aorian'ilay varavarana aho.

63 Dia nahita toy ny zavatra iray nihodinkodina aho. Ary rehefa izany, tao amin'ny fahitana, dia nihodina sy nihodina izao tontolo izao. Ary rehefa nahamarika aho, dia nisy kofehy jaky iray nanodidina an'izao tontolo izao, nanodidina an'izao tontolo izao. Ary raha nanatona an'izao tontolo izao aho, dia nahita ny tenako, zazalahy kely iray fotsiny, nanao zavatra izay tsy tokony nataoko; angamba tsy tahaka an'*io*, fa fahotana ilay izy. Ary isaky ny nanao zavatra iray aho, dia nahita an'io aloka mainty lehibe io nandeha nankany amin'ny Lanitra. Fa, ho namono ahy tamin'izany minitra izany Andriamanitra.

64 Avy eo dia hitako nitsangana teo anelanelako sy Andriamanitra, nitsangana io Fanatitra tanteraka io. Nahita

Azy nitsangana teo aho niaraka tamin'ireo tsilo teo amin'ny Lohany, sy ilay rora nihantona teo amin'ny Tavany. Ary isaky ny nanomboka nankany amin'Andriamanitra ireo fahotako, dia nanatsotra tànana Izy ka naka an'izany, tahaka ny arom-pifandonana eo amin'ny fiara. Niaro ahy tamin'ny fahafatesana Izy. Ary isaky ny nanao zavatra ratsy iray aho, dia ho namono ahy Andriamanitra. Izany tokoa, mitaky an'izany ny Fahamasinany. Mitaky an'izany ny Lalàny. Ary isaky ny nanao zavatra iray aho, na manao zavatra iray ianareo, dia mihetsika tahaka ny arom-pifandonana iray ny Ràn'i Jesosy Kristy. Ary hitako fa izany no dikan'io kofehy jaky io, tamin'izay fotoana izay, hoe mbola mihazona ny tany foana ilay Rà.

65 Ary raha nitsangana aho, nijery, dia nanatona akaikikaiky kely kokoa Azy aho raha nahamarika Azy. Ary afaka nandre Azy aho nanao hoe, "Ray, mamelà azy, tsy fantany izay ataony." Dia niondrika aho, ary nipetraka teo ny boky iray. Fa nisy Anjely iray nanao firaiketana teo, ary nitsangana teo Anilany. Koa isaky ny nanota aho, dia voasoratra teo amin'ilay boky izany. Ary teo ambonin'izany ny anarako. Dia fantatro fa indray andro any, izaho . . . io kofehin-dRà io dia ho esorina ka tsy maintsy hitsangana eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra aho, miaraka amin'ny fiainako mpanota. Saingy, nahita aho, fa tamin'ny alàlan'ny Famindrampony no Nampanalavirany ahy ny fitsarana.

66 Nanatona Azy aho, tamim-panetre-tena. Nandohalika tamin'ny lohaliko aho, ka hoy aho hoe, "O Jesosy, Ianao ry Zanak'Andriamanitra, tsy mendrika ny ho tonga eo amin'Ny Fanatrehanao aho. Fa hamela ahy ve Ianao azafady tamin'izay nataoko?"

67 Nikasika ny Lanivohony tamin'ny Tànany Izy, nandray an'ilay boky tranainy ka nanoratra hoe "voavela" teo amin'izany, nanipy an'izany Taoriany, ary lasa ny fahotako rehetra! Avy eo dia nijery ahy Izy, sarotiny teo amin'ny endriny, hoy Izy hoe, "Ankehitriny efa namela anao Aho, nefa ianao te-hanameloka azy." Tamin'izay fotoana izay dia hitako ny dikan'ilay izy.

68 Rehefa nivoaka avy tao amin'ilay fahitana aho, dia nandeha nanatona azy. Hoy aho hoe, "Manao ahoana ianao?"

69 Teo am-pisotroana izy. Nijery ahy izy, ka hoy izy hoe, "Oh, manakory."

Hoy aho hoe, "Afaka mipetraka ve aho?"

Hoy izy hoe, "Manana namana aho."

70 Hoy aho hoe, "Tsy tahaka an'izany no tiako ho lazaina, ramatoa. Te-hiresaka aminao fotsiny aho, iray minitra."

Hoy izy hoe, "Mipetraha."

71 Dia hoy aho hoe, "Ramatoa, minitra vitsy lasa fotsiny izay, nitsangana tetsy aorian'io varavarana io aho . . ."

Nanomboka niteny taminy aho. Ary raha nanomboka nijery aho, dia nanomboka niraraka tamin'ny takolany ireo ranomaso. Dia niteny tamiko izy. . . Hoy aho hoe, "Ramatoa, tsy te-hanao an'ireo zavatra ireo ianao. Maty Jesosy, ary ireo fitsaran'Andriamanitra dia niala lavitra tamin'ny alàlan'Ny Ràny. Tsy te-hanao an'izao ianao."

72 Dia hoy izy hoe, "Tsia, tompoko." Hoy izy hoe, "Diakona iray tao amin'ny fiangonana ny raiko. Notezaina tao amin'ny fianakaviana Kristiana iray aho. Mpikambana mpamorona izaho sy ny vadiko, ary niaina fiainana Kristiana iray. Nanomboka niteny tamiko izy, fa taorian'ny fahafatesany. . . Nanana zazavavy tanora roa izy, ary diso làlana izy. Ary ahoana fa nandao azy ireo zazavavy, dia nanimba ny fiainany izy. Ary nihevitra izy fa tsy nisy fanantenana intsony ho azy.

73 Fa hoy aho hoe, "Andriamanitra, mamindrà fo! 'Ireo izay Fantany mialoha, no Nantsoiny.'"

Hoy izy hoe, "Ianao ve no Revera Branham, avy any?"

Hoy aho hoe, "Izaho no izy."

74 Hoy izy hoe, "Menatra ny tenako aho, amin'ny fipetrahana eto tahaka an'izao." Hoy izy hoe, "Mihevitra ve ianao fa hisy anjara iray ho ahy?"

75 Hoy aho hoe, "Manao ny Sandriny hitsotra Jesosy, miandry anao ho tonga, ramatoa." Dia nanomboka nitsangana ireo olona hafa. Ary hoy aho hoe, "Handeha eto amin'ity gorodona ity miaraka amiko ve ianao?"

Hoy izy hoe, "Handeha aho, tompoko."

76 Noraisiko tamin'ny tànany izy. Hoy aho hoe, "Saiky mitovy taona amin'ny reniko ianao. Handohalika miaraka amiko ve ianao, eo amin'ny gorodona?" Ary teo amin'ny gorodona, dia nanova an'ilay toerana izahay tamin'io tolakandro io, ho fivoriana tamin'ny andro fahiny iray. Ary namonjy an'io vehivavy io Andriamanitra, nohon'ny Fahasoavany. Nampiakanjo ny tenany izy ary tonga tao amin'ilay fivoriana, ary, araka ny fantatro, dia miaina fiainana Kristiana iray izao hariva izao.

77 Inona izany? Oh, mitaky fahatanterahana Andriamanitra! Mitaky ny fibebahanareo Izy. Mitaky ny fahatokianareo Azy Izy. Fa mijery Izy izao hariva izao. Tsy mampaninona na impiry ianareo no nanota, kely toy ny ahoana na betsaka toy ny ahoana, mbola mpanota iray foana ianareo, ary tsy afaka miditra amin'ny fomba hafa afa-tsy amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy, Fanatitr'Andriamanitra ampy tanteraka. Ary tanteraka mandrakizay ianareo ao Aminy. Eritrereto izany! Tsy misy na inona na inona ataonareo izany. Tsy pejy vaovao izay avadikareo izany. Tsy fiainana vaovao iray izay atombokareo izany. Fiaikena iray an'ny fahadisoanareo izany,

ary fahasoavan'Andriamanitra ho anareo. Izany no mitondra anareo ho amin'ny fahatanterahana, ary avy eo dia natao tanteraka ianareo ao amin'i Jesosy Kristy.

78 Matoky aho, izao hariva izao, ry sakaizako, raha mbola eo amin'ity fotoan-tsarotra lehibe eto ity isika ankehitriny, rehefa tsy maintsy raisina ireo fanapahan-kevitra aorian'ny fandrenesana an'io tantara io. Mety tsy mbola nandre azy mihitsy ianareo tany aloha. Fa tsy afaka mivoaka amin'ireo varavarana ireo ianareo hitovy amin'ilay olona iray ihany izay nidiranareo, tsy maintsy mivoaka ho tsaratsara kokoa ianareo na ratsiratsy kokoa.

79 Ary raha mbola manondrika ny lohantsika vetivety fotsiny isika, dia tiako ianareo hieritreritra mafy mikasika an'izany. Ahoana ny amin'ny ainareo izao hariva izao? Maty ho anareo Jesosy Kristy.

80 Hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, rehefa afaka mijanona tsy mifoka aho, rehefa afaka mijanona tsy misotro aho, rehefa afaka manitsy an'ity zavatra ity aho, dia hanao an'izany." Oh, tsy ho vita tsara mihitsy izany. Tsy afaka hahavita an'izany mihitsy ianareo. Nahoana ianareo no tsy tonga fotsiny amin'izay maha-izy anareo? Ary, amin'ny finoana, dia mandehana eo amin'io Ony io, izay atolotr'ireo ratranao mikoriana, amin'izay fotoana izay dia ny fitiavana mahavotra no lohahevitrareo, ary ho izany mandra-pahafatinareo.

81 Nahoana no haka mpisolo iray? Nahoana no hanandrana hiditra amin'ny alàlan'ny fiangonanareo? Nahoana no hanandrana hiditra satria nijanona tsy misotro na nijanona tsy mandainga? Tongava amin'ny alàlan'ny fomban'ny fahatanterahana! "Fa, tamin'ny Fanatitra anankiray, no Nahatanterahany mandrakizay an'ireo izay nohamasinina."

"Ahoana no hahatonga ahy ho nohamasinina?"

82 Miaike ny fahotanareo eo amin'ny Fanatrehan'ny Ràn'i Jesosy; ary ilay Aina izay avy amin'io Rà io, no miverina amin'ilay mpivavaka, sy manamasina azy hiala amin'ireo faniriana ny zavatr'izao tontolo izao. Satria, tamin'ny alàlan'io Fanatitra ampy tanteraka io, no Nanamasinany antsika; Fanahy iray, no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin'ny Vatana iray. "Ankehitriny dia tsy misy fanamelohana ho an'ireo izay ao amin'i Kristy Jesosy, ho an'ireo izay tsy mandeha araka ny nofo, fa araka ny Fanahy." Raha manandrana mandeha araka ny Fanahy ianareo, nefa mbola mitsiriritra ny nofo foana, dia tsy ampy ny nampiharana taminareo an'ilay Fanatitra. Fa vantany vao nodiovina ilay mpivavaka, dia tsy manana faniriana ny fahotana intsony izy.

83 Izany no Kalvary. Tsy toerana iray hivarotana voninkazo izany, na toerana kely iray hanaovana an'*ity* na *itsy*. Izany dia toerana iray izay nisy an'Andriamanitra sy ny olona nihavana.

Izany ilay toerana izay nitondrana ny fiadanana sy ny fiarovana tanteraka ho an'ny taranak'olombelona. Afaka handeha hiaraka amiko ve ianareo, izao hariva izao, ry sakaizako mpanota, ho eny Kalvary, ary amin'ny finoana dia hampihatra an'io Rà io amin'ny ainareo manokana, ka hamela ny Fanahy Masina ho tonga sy hanamasina anareo amin'ny alàlan'Ny Fanatiny lehibe?

84 Alohan'ny hivavahantsika, dia hanangana ny tànanareo amin'Andriamanitra ve ianareo, ka hanao hoe, "Mamindrà fo amiko, Andriamanitra. Miaiky ny fahotako rehetra aho ankehitriny, eo amin'ity harivan'ny Zoma Masina ity. Ary mankasitraka an'ilay fiaretana lehibe izay nataon'i Kristy ho ahy aho. Manolotra ny sitrapoko manokana aho ankehitriny, ny antoko manokana sy ny rehetra, mba hanaraka Anao manomboka amin'ity andro ity, manomboka izao." Hanangana ny tànanareo ve ianareo, manaova hoe, "Tsarovy aho, Rahalahy Branham, ao amin'ny vavaka. Izany no fanapaha-kevitry ny foko"? Misy ve, amin'ity hariva malaza ity, raha miandry vetivety fotsiny isika? Eto amin'ny ilany ankavanako, azo antoka fa misy anankiray eo. Menatra ny fahotanareo ve ianareo? Menatra ny amin'izay nataonareo ve ianareo?

85 Mitady mahery fo izao tontolo izao amin'izao hariva izao. Ary manana mahery fo izy, miteny amin'ny ara-batana.

86 Indray andro tany Suisse tany, rehefa tra-pahavoazana ny Soisa tao Suisse, dia niangona tany an-tsaha ilay antoko Soisa kely, niaro—niaro ny fananany. Lehibe loatra ho azy ireo ilay tafika izay tonga; niofana izy rehetra, nanana lefona goavana sy ampinga. Tsy afaka nanao na inona na inona ireo Soisa afa-tsy ny nitolo-batana. Voatosika nankany amin'ny tendrombohitra iray izy ireo. Tamin'izay fotoana izay dia nivoaka ny mahery fo iray. Tsy maintsy misy olona iray ho faty. Ary raha verin'izy ireo ilay ady . . .

87 Tsy nanana na inona na inona afa-tsy antsim-bilona tranainy izy ireo, sy vato, tehina, mba hiadiana. Nefa, ilay tafika izay tonga dia tahaka ny rindrim-biriky iray. Raha entina izy ireo, dia ho voaolana ireo vady keliny maha-te-ho tia, ho voaolana ireo zazavavy tanorany, ho vonoina ireo zazakeliny, ho voahitsakitsaka ny lohany, ho lasa ny tranony, ho very ny zavatra rehetra.

88 Tamin'izay fotoana izay dia nisy lehilahy iray, ny anarany dia nohadinoina haingana mihitsy, tamin'ny anarana hoe Arnold von Winkelried. Nivoaka izy, ka nanao hoe, "Ry lehilahin'i Suisse, amin'ity andro ity no anolorako ny aiko ho an'i Suisse." Hoy izy hoe, "Any ambadiky ny tendrombohitra any dia misy trano kely fotsy iray. Manana vady iray aho ary zanaka telo miandry ahy. Fa tsy hahita ahy intsony indray izy ireo, satria, amin'ity andro ity no anolorako ny aiko ho an'i Suisse."

Hoy izy ireo hoe, “Inona no hataonao, Arnold von Winkelried?”

89 Hoy izy hoe, “Manaraha ahy, ary ataovy ny tsara indrindra izay azonareo atao miaraka amin’izay tsy maintsy hanaovanareo azy.”

90 Dia nandinika tsara an’ilay tafika izy mandra-pahitany an’ilay matevina indrindra tamin’ireo lefona. Avy eo dia nanangana ny tànany izy, nihazakazaka nankany amin’ilay rindrim-biriky goavana an’ireo lefona, ary niantsoantso hoe, “Manaova làlana ho an’ny fahafahana! Manaova làlana ho an’ny fahafahana!” Lefona zato no nihodina hampijanona ny fihaviany; natsotrany ny sandriny ary natambany tao amin’ny tratrany manokana izy ireo, ka nanindrona azy, ary maty teo amin’ny tendron’ireo lefona ireo izy. Nanaraka azy ireo Soisa niaraka tamin’ireo langilangy sy tehina. Io fanehoana herim-po lehibe io no nampandositra an’ilay tafika, hany ka namely azy ireo hivoaka ny firenena ireo Soisa. Ary tsy nanana ady iray intsony izy ireo nanomboka tamin’io andro io, hatramin’izay.

91 Mitsangàna any Suisse ka tonòny ny anaran’i Arnold von Winkelried, dia hahita ranomaso mikoriana eo amin’ny takolak’izy ireo ianareo. Nahoana? Namonjy ny firenen’izy ireo izy. Izany no fanaon’ny mahery fo iray. Mahalana ny mitovy amin’izany, sady tsy hisy hihoatra mihitsy, eto amin’ity tany ity.

92 Fa, oh, zavatra kely iray izany amin’izay nitranga indray andro! Rehefa nitsangana ny taranak’i Adama, dia niditra tany amin’ny lafiny rehetra ireo demony, tsy nahomby ireo mpaminany, tsy nahomby ny lalàna, tsy nahomby ny fanatitra ombilahy sy zanak’ondry, tsy nahomby ny natioran’olona, ny rehetra. Ary nitsangana ilay taranaka kelin’i Adama, resy; fefiky ny devoly, finoanoam-poana, aretina, fahararіana. Nisy Anankiray nivoaka tany An-danitra, ka nanao hoe, “Amin’ity andro ity no Hahafatesako ho an’ny taranak’i Adama.” Tonga teto an-tany Izy ary tonga nofo. Nijery avy hatrany teo afovoan’ireo lefona izay maizina indrindra Izy. Ny maizina indrindra amin’ny tahotry ny olona rehetra dia ny fahafatesana, ka Nentiny tao an-Tratrany ny fahafatesana. Ary teo Kalvary Izy no nandoa an’ilay fanatitra, ka niantsoantso hoe, “Manaova làlana ho an’ny Fahafahana!”

93 Ary miantsoantso amin’Ny Fiangonany Izy hoe, “Raiso Ity izay Navelako ho anareo, Ny Ràko sy Ny Fanahiko, ka miadia amin’izay hany anananareo rehetra.” Afaka mandresy isika izao hariva izao, amin’ny alàlan’Izany, ry sakaiza. Afaka mandroaka ny devoly hiala aminareo ianareo. Ny fahavalo tranainy rehetra izay ao amin’ny fiainanareo, azo roahina amin’ny alàlan’ny Rà sy ny Fanahin’i Kristy izany, ary afaka mijoro tanteraka ao amin’Ny Fanatrehany ianareo. Kristy no nanao an’ilay làlana!

94 Afaka manangana mihitsy tokoa ny sandrinareo any Aminy ve ianareo, ka hanao hoe, "Mamelà ahy"? Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Olona iray hafa, "Mamindrà fo amiko, Andriamanitra, miaiky ny fahadisoako aho ankehitriny"?

95 Misy mambram-piangonana matimaty iray ve izay mandeha any am-piangonana isan'andro, ary angamba miezaka mba ho tena mpivavaka arak'izay vitany, kanefa fantatrareo fa ny fahatezerana sy ny fihafahafana, ary fitiavan-tena, ireo fahazarana dia miraikitra aminareo hany ka tsy manana fandresena ianareo? Te-ho voadio amin'ny alàlan'ilay Rà ve ianareo, izao hariva izao, hiala amin'izany rehetra izany? "Fa vantany vao nodiovina indray mandeha ilay mpivavaka dia tsy manana fieritreretana intsony . . . " Tianareo ve ny hanangana ny tànanareo, ianareo mambram-piangonana? Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Atsangano ny tànanareo ka manaova hoe, "Rahalahy Branham, tsarovy ao amin'ny vavaka aho." Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Marina izany. Izany no tena . . . Izany no tena zavatra hatao. Andriamanitra hitahy anao iry aoriana iry, tompoko.

96 Olona iray hafa atsangano ny tànanareo, manaova hoe, "Mamindrà fo amiko, Andriamanitra. Fantatro fa manambara ny Kristianisma aho, nefa tsy miaina an'izany. Fantatro fa tsy miaina aho. Ary ao am-poko, tena tsy mahitsy Aminao mihitsy aho. Te-ho isan'ny voafidin'Andriamanitra aho. Tsapako ao am-poko fa izy aho, saingy tsy nanaisotra an'ireo mitambesatra izay malaky mahazo ahy aho. Ary te-hanaisotra azy ireo aho izao hariva izao. Ary, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, dia hataoko izany. Mivavaha ho ahy." Hanangana ny tànanareo ve ianareo? Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Olona iray hafa. Vetivety fotsiny, miandry isika.

97 Raha mbola miandry am-pilaminana isika, ny olona tsirairay ankehitriny miaraka amin'ny lohanareo miondrika ao amin'ny vavaka, misamonomonona moramora an'ity ankehitriny.

> Misy Loharano iray feno Rà,
> Nosintonina avy amin'ny làlan-dran'Imanoela,
> Ka ireo mpanota izay mitsoboka ao amin'Ny . . .
> Dia very ny pentimpentin'ny fahadisoany rehetra,
> very . . .

98 Tsy hieritreritra eo amin'izany ve ianareo izao ankehitriny izao? Aza manandrana hanasa an'izany. Eo an-tànanareo Kristy.

99 Nanandrana an'izany i Pilato, tamin'io maraina io, teo amin'ny enina ora teo; saingy mbola nisy rà foana ny tànany, meloka tamin'ny rà. Fantatrareo izay nitranga taminy. Nandeha tany Suisse izy, taona maro taty aoriana, very ny sainy, nampitsoraka ny tenany ho faty tao amin'ny dobon-drano iray. Aninkeo maraina, tany Suisse, dia olona an-jatony no tonga nandinika an'ilay fisehon-javatra, rano manga no

mangotrangotraka avy ao ambanin'io lava-drano goavana io. Manao an'izany isan-taona izy ireo. Angano fahiny iray izany, milaza izy ireo fa nandà an'ilay rano tsy hanadio ny tànany Andriamanitra.

100 Rahalahy, tsy mampaninona na impiry ianareo no natao batisa, na inona no ezahanareo hatao, tsy misy na inona na inona hanadio ny tànanareo afa-tsy ny Ràn'i Kristy. Nandà an'izany Andriamanitra. Ary ilay rano manga, afaka roa arivo taona, saiky, dia mbola mangotrangotraka foana. Lavin'Andriamanitra ilay izy. Ny fahamarinanareo manokana dia tsy afaka manadio ny fahotanareo. Tsy misy na inona na inona afa-tsy ny Ràn'i Jesosy! Eritrereto izany ankehitriny. Hivavaka isika, vetivety fotsiny.

101 Manontany aho raha afaka mangataka zavatra iray izao hariva izao. Rehefa nitsangana teo amin'ny efitra fitsaran'i Pilato Izy, tamin'io maraina io, ka nanao hoe, "Raha avy amin'ity izao tontolo izao ity Ny Fanjakako, dia afaka niteny tamin'Ny Raiko Aho ary ho nandefa legionan'Anjely roa ambin'ny folo avy hatrany ho Ahy Izy." Nefa, ny anankiray amin'izy ireo dia afaka mandrava an'izao tontolo izao. "Hiteny Aminy Aho, ary legionan'Anjely roa ambin'ny folo no eo amin'ny Fiadidiako avy hatrany." Afaka nanao an'izany Izy. Saingy nitsangana teo Izy, malemy fanahy sy nanetry tena, mba haka ny fahafatesanareo sy haka ny fahotanareo.

102 Hankasitraka betsaka an'io Fanatitra io ve ianareo izao hariva izao, ianareo izay mila an'izany, ary mila an'ireo fitahian'Andriamanitra, hitsangana ve ianareo ho an'ity vavaka ity? Mitsangàna fotsiny, ianareo izay te-ho tsarovana ao amin'ity vavaka ity, manao hoe, "Andriamanitra, mamindrà fo amiko. Meloka aho, nanao zavatra ratsy aho, fa ankehitriny dia te-hanaiky ny famelàna ahy amin'ny alàlan'i Kristy Jesosy aho." Hitsangana amin'ny tongotrareo ve ianareo amin'izao fotoana izao mihitsy? Andriamanitra hitahy anao, ramatoa tanora. Izany no fahasahiana. Mijanòna mitsangana eo fotsiny.

103 Ny tianareo ho lazaina amiko ve dia hoe nanangana ny tànanareo ianareo, nefa avy eo dia tsy tso-po betsaka mba hitsangana? Inona no soa hany nataon'ny Filazantsara taminareo? Oh, milalao fiangonana tahaka an'izany, milalao an'Andriamanitra! Antomotra tsy ho ela ilay ora, indray andro any dia hidona eto any ho any ny baomba atomika iray, ao amin'ny iray amin'ireo toeram-banja goavana ireo. Tsy hisy ampahan-tsegondra iray hieritreretana an'izany. Ho tara loatra amin'izay fotoana izay, ary angamba alohan'ny Paska manaraka, na ity Paska ity mihitsy aza. Tsy hitsangana ve ianareo ankehitriny, hanao hoe, "Andriamanitra, mamindrà fo amiko, mpanota iray. Manaiky an'i Kristy aho ankehitriny, tamin'ny nanolorana ny Tenany ho fanati-panavotana iray ho an'ny fahotako. Ary nohon'ny Fahasoavany, ary ny Fahasoavany

irery ihany, no itoerako ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra." Hiaiky ny fahadisoanareo ve ianareo? Izay manafina ny fahotany dia tsy hambinina. Izay miaiky ny fahotany, no mahazo famindrampo. Miankina aminareo izany. Mandinika Izy.

104 Ankehitriny, Tomponay Finaritra, ao amin'ilay isa mifanentana izao hariva izao no mitsangana ny fanahy telo miaiky, lehilahy iray sy vehivavy roa.

105 Raha mieritreritra aho, Tompo, an'i Kalvary, rehefa ny anankiray teo amin'ny andaniny iray, no nanao hoe, "Tompo, tsarovy aho rehefa tonga ao amin'Ny Fanjakanao Ianao"; ilay iray hafa nanao hoe, "Raha Ianao no izy, dia avelao izahay hahita fahagagana iray, esory hiala eto amin'ny hazo fijaliana izahay ka vonjeo ny Tenanao." Ary ilay iray hafa nanao hoe, "Andriamanitra, mamindrà fo amiko." Dia nilatsika nankany amin'ny ilany havanana ny Lohanao, ka nanao hoe, "Anio no iarahanao Amiko any paradisa." Fa nangina kosa Ianao tamin'ilay iray hafa, satria tsy nisy fibebahana teo.

106 Ary, Andriamanitra Ray, mivavaka aho mba ireto angamba . . . Hatoky aho fa izy telo ireo ihany no ato amin'ny tranobe, izay mahatsapa fa mila miaiky ny fahadisoany. Fa dia tonga eo amin'ilay làlana ampy tanteraka izy ireo, an'ilay làlan'ny hazo fijaliana. Mamelà azy ireo, Tompo, ary tahio izy ireo. Mitsangana eto izy ireo izao hariva izao; tahaka ny Nitsangananao ho azy ireo, tao amin'ny efitra fitsaran'i Pilato; tahaka ny Nitsangananao ho azy ireo, teo anelanelan'ny Lanitra sy ny tany, rehefa nilentika ny masoandro ary tsy nanome ny hazavany ny volana, ka triatra avy teny amin'ny tampony nankany ambany ilay efitra lamban'ny tempoly. Mivavaka aho, Andriamanitra, mba Hitahianao azy ireo sy hanome azy ireo ny Famindramponao, ary hanadio azy ireo amin'Ny Rànao. Ary ataovy batisa amin'Ny Herinao manamasina izy ireo, ao amin'ny Vatan'Ny Zanakao Manokana, Kristy Jesosy, amin'izay fotoana izay dia voatahiry ho an'ny fotoana sy Mandrakizay izy ireo. Tahio ireo hafa izay mahatsapa fa mety tsara izy ireo, ary efa nanatanteraka an'izao ary nanao an'izany. Mangataka an'izao fitahiana izao ho azy ireo aho, amin'ny Anaran'i Kristy. Amena.

107 Andriamanitra hitahy anareo. Ary ianareo izay nitsangana teo akaikin'ireo izay nitsangana, dia atsory ny tànanareo ka raiso ny tànan'izy ireo, olona iray, ka manaova hoe, "Ny Tompo hitahy anao," marina izany, ho tànan'ny fiombonana.

108 Tara kely fotsiny isika ankehitriny ao amin'ireo fivoriantsika. Firy no tia ny Tompo Jesosy, atsangano ny tànanareo? Manontany aho, ao amin'ny fahanginana ankehitriny, na milamina fotsiny arak'izay vitantsika, ao amin'ny fahatsiarovana Azy izay manatrika foana, Izay eto izao hariva izao, raha afaka hihira moramora isika.

Teo amin'ilay hazo fijaliana izay nahafatesan'ny Mpamonjiko,
Teo no niantsoantsoako ho fanadiovana ny fahotana;
Teo ny foko (rehefa nahatanteraka an'ilay fitakiana ianareo, nametraka ny tànanareo teo amin'Izany), teo ny foko no nopetahana an'ilay Rà;
Oh, voninahitra ho an'Ny Anarany!

Ndao isika hihira moramora ankehitriny, raha manondrika ny lohantsika Aminy isika.

Teo amin'ilay hazo fijaliana izay nahafatesan'ny Mpamonjiko,
Teo no niantsoantsoako ho fanadiovana ny fahotana;
Teo ny foko no nopetahana an'ilay Rà;
Voninahitra ho an'Ny Anarany!

Voninahitra ho an'Ny Anarany, Anarana sarobidy!
Voninahitra ho an'Ny Anarany sarobidy!
Teo ny foko no nopetahana an'ilay Rà;
Voninahitra ho an'Ny Anarany!

109 Am-pilaminana ankehitriny, miaraka amin'ny lohanareo miondrika. Ianareo izay voavonjy, manaova hoe, "Oh . . ." Atsangano ny tànanareo ankehitriny.

Oh, ry Loharano sarobidy izay mamonjy amin'ny fahotana!
Tena faly aho fa efa tafiditra;
Eo no amonjen'i Jesosy ahy sy itehirizany ahy hadio;
Voninahitra ho an'Ny Anarany!

Voninahitra ho an'Ny Anarany sarobidy!
Voninahitra ho an'Ny Anarany sarobidy!
Teo ny foko no nopetahana an'ilay Rà;
Voninahitra ho an'Ny Anarany!

110 Ankehitriny miaraka amin'ny tànanareo midina, ny lohanareo miondrika. Nieritreritra fotsiny aho; nisy olona iray niantso fotoana vitsy lasa izay, ka nilaza fa nisy olona naniry ho tsarovana amin'ny vavaka izao hariva izao, ho an'ny vatan'izy ireo. Tsy afaka hiverina ho an'ny fivoriana Alahady hariva izy ireo, ho an'ilay asam-panasitranana lehibe. Hitsangana ve ianareo, ianareo izay te-ho tsarovana ao amin'izany vavaka izany izao ankehitriny izao?

. . . ny foko no nopetahana an'ilay Rà;
Voninahitra ho an'Ny Anarany!
Voninahitra ho . . .

111 Ankehitriny miaraka amin'ny lohanareo miondrika. "Izy dia voalefona nohon'ny fahadisoanareo, notorotoroina nohon'ny helokareo, ny fampijaliana ho an'ny fiadananareo dia natao teo Aminy, ary tamin'ny Dian-kapony no nanasitranana anareo."

Voninahitra ho an'Ny Anarany!

112 Ankehitriny, Ray Finaritra, raha manatona ny hazo fijaliana am-panetre-tena izahay izao ankehitriny izao, izay nahitan'ny fahasoavana sy ny famindrampo ahy, eo no anelezan'ilay Kintan'ny Maraina sy Mamiratra an'ireo Tarany manodidina ahy. Mijoro eo amin'Ny Fanatrehanao ireo marary ireo. Mino izy ireo izao ankehitriny izao, fa amin'ny finoana, dia mijery an'io lamosina misy dian-kapoka io izy ireo, any. "Fa tamin'ny Dian-kapony no nanasitranana anay." Ray Masina indrindra, tonga izahay miaiky ny finoanay, mino fa Ianao no manasitrana ny vatanay marary, amin'ny alàlan'ilay fiaretam-pijaliana lehibe an'ny Tompo Jesosy. Ary manolotra an'ity vahoaka izay mitsangana ity izahay, vavaky ny finoana iray, izay Nampanantenainao fa hamonjy ny marary. Ary izahay, miaraka, ho firaisana iray an'ireo Mpinonao izao hariva izao. Hoy Ianao hoe, "Na aiza na aiza no ivorian'ny roa na telo, dia ho eo afovoan'izy ireo Aho." Ary mangataka famindrampo ho azy ireo izahay, mba ny Fahasoavanao anie ankehitriny no hikasika ny fanahin'izy ireo lalina indrindra, mba hisy zavatra iray hiantsona ao ambany lalina ao; mba hahafantaran'izy ireo fa eto Kristy ary niresaka tamin'izy ireo, nanao hoe, "Ry Zanako, efa nitondra ny aretinao teny Kalvary Aho. Ankehitriny dia atsipazo eo Amiko fotsiny ny fanahianao, fa Izaho no miahy anao." Ary enga anie izy ireo ho sitrana, ny fanahy rehetra manontolo, fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

113 Ary raha mipetraka izy ireo ankehitriny, ny olona iray eo akaikin'izy ireo, apetraho eo amin'izy ireo ny tànanareo, olona iray izay nivavaka ho azy ireo. Hoy ny Baiboly hoe, "Hametraka ny tànany eo amin'ny marary izy ireo; dia ho sitrana ireny." Ny Tompo hitahy.

114 Raha tsy diso aho, dia tsy mijery an'ilay lehilahy izay sitrana teto ve aho andro vitsy lasa izay, na Alahady vitsy lasa izay, izay marenina na zavatra iray tao amin'ny sofina? Mahita anao mankasitraka ny fivoriana aho izao hariva izao. Mandre ahy tsara mihitsy ve ianao ankehitriny? Tsara izany. Mahafinaritra! Mitsangàna mihitsy vetivety fotsiny. Firy no mahatsiaro azy fa teto izy? Ary nandalo tao amin'ilay laharam-bavaka izy, nampiakatra azy teo amin'ny lampihazo, ary nanasitrana azy ny Tompo ka nanao azy ho salama. Isaorana anie ny Tompo! Misaotra anao, rahalahy, nohon'ny fijoroanao vavolombelona. Mety ho roa ambin'ny folo eo izany! Fa tsy mahafinaritra ve Izy?

115 Ankehitriny, dia te-hahita anareo izahay rahampitso hariva, alohaloha. Ary avy eo ny Alahady maraina, alohaloha.

Alahady tolakandro, ary raha afaka hiverina ho an'ny asampanasitranana Alahady hariva ianareo. Mandra-pihaonantsika, dia hitsangana ve isika ka hihira ny hira fampiravantsika hoe, "Raiso Eo Aminao Ny Anaran'I Jesosy."

Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,
Ry zanaky ny alahelo sy fahoriana;
Fifaliana sy fiononana . . . (Mitodiha avy hatrany ka mifandraisa tànana amin'ny olona rehetra ankehitriny.)
Raiso Izany na aiza na aiza alehanao.

Anarana sarobidy, (mitodiha avy hatrany ka mifandraisa tànana), O, tena mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra;
Anarana sarobidy, Anarana sarobidy, O tena mamy! Tena mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra.

Ankehitriny dia mijere aty.

Amin'ny Anaran'i Jesosy no iondrehana,
Miankohoka eo an-Tongony,
Hosatrohantsika Mpanjakan'ny mpanjaka any An-danitra Izy,
Rehefa mifarana ny diantsika.

Anarana sarobidy, O tena mamy! O tena mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra;
Anarana sarobidy, O tena mamy! Tena mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra.

116 Ankehitriny dia tsarovy ilay antoko mpihira Neville, ilay fampiaraham-peo efatra ao amin'ny fampielezam-peo ny maraina, WLRP, amin'ny sivy ora. Ary Rahalahy Stricker dia ho tonga amin'ny folo latsaka fahefany, amin'ny Alahady maraina. Vao avy nanao horonam-peo iray ho azy izy tamin'ity tolakandro ity, mikasika ny fitsanganana.

117 Ary ankehitriny, mandra-pihaonantsika indray, dia homba anareo anie ireo fitahian'ny Tompo, raha manondrika ny lohantsika isika. Ary hangataka ny sakaizako tsara sy rahalahiko aho, Rahalahy Palmer, avy any Macon, Georgia, raha hampirava an'ity mpanatrika ity amin'ny tonom-bavaka iray izy, raha mivavaka isika. Rahalahy Palmer.

Ny Fahatanterahana MAG57-0419
(The Perfection)
Fifohazan'Ny Paska mitohitohy

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Zoma Masina, 19 Aprily 1957, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2017 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org